




**Ny Hasina Andriamanjato, Andry Rajoelina ary Rolly Mercia izay namadika fotsiny izao ilay eo afovoany nanendry azy minisitry ny Serasera. Toerana nijanonany 4 taona**

Eo anatrehin'ny fahazaran-dratsin'ity Harry Laurent Rahajason ity dia tena fahotana mahafaty tokoa ny tsy miteny. Satria ilay asa fanaovan-gazety mihitsy no ataony fitaovana andaingana ary eo amin'ny sehatra avo lenta tokoa. Tsy iza moa ity Harry L. Rahajason ity fa i Rolly Mercia izay miandraikitra, amin'izao fotoana izao, ny gazety rehetra ao amin'ny *« Groupe RLM Communication »* izay tsy iza fa i Mbola Rajaonah no tompony.

Niara-namoaka ilay *« vaovao »* norohitin'ity Rolly Mercia efa amam-bolana tokoa mantsy ny gazety rehetra ao amin'ny, ny zoma 14 Desambra 2018, dia *« Le Citoyen »*

,

*« La ligne de mire »*
,
*« La Dépêche »*
,
*« Triatra »*
izay mampiasa ny teny Malagasy. Ka dia io fa hoe
*« nampanantsoin'ny tribonaly frantsay i Andry Rajoelina »*
. Satria, hono,
*« voarohirohy amina afera fanadiovana vola maloto nividianana trano be »*
ka efa
*« akaiky ny fisamborana azy »*
. Ka noho izany, hono,
*«*
*tsy tokony ho filoham-pirenena io mpanongam-panjakana*
*io »*
. Ary dia eo amin'ny pejy voalohan'ireo gazety telo ireo araka ny hitanareo eo amin'ny sary mitambatra ireo ambony indrindra ireo.



Campagne électorale : Communiqué de l'Ambassade de France

**Élection présidentielle : communique de l'Ambassade de France**

Devant l'ampleur prise par certaines **informations erronées** impliquant la France, l'Ambassade de France **souhaite démentir** les allégations qui alimentent depuis plusieurs jours la presse selon lesquelles des officiers de police judiciaire français se seraient rendus à Madagascar, en dehors de toute procédure légale, pour délivrer à l'un des candidats en lice pour le second tour de la Présidentielle une convocation du Parquet de Paris.

**A notre connaissance aucun candidat n'est concerné par une procédure de la justice française.**

**L'Ambassade de France comme les autres grands partenaires de Madagascar invite les candidats à mener une campagne respectueuse et centrée sur le débat d'idées.**

*Dernière modification : 14/12/2018*

Efa sangy mihoatra ny loha kosa ka tsy ilay voatonona no namaly -izay koa mantsy no nandrasan'i Rolly Mercia hanohizan'ny tantara valamatiny- fa dia ny masoivohon'ny firenena frantsay no namaly ny andron'io zoma 14 desambra io ihany. Raha adika sy fintinina ilay fanambarany io ambony io dia izao :

Manoloana ny vaovao sasany mampiditra ny firenena frantsay dia manao izao fanamarinana

izao ny Ambasadin'ny Lafrantsa : araka ny fahafantaranay dia tsy misy kandida na iray asa voakasika ana raharaha am-pitsarana frantsay. Miangavy ny kandida ny Ambasady frantsay mba hifantoka ep amin'ny adihevitra fotsiny ihany ny fanaovana propagandy.

Izao izany ilay hoe mbola sarona indray ny fomba ratsy nafindran'i Rolly Mercia ao amin'ny *« G roupe RLM Communication »*. Fa maninona no hoe *« mbola »* ? Satria tsy vao izao io « mpanao gazety » notendren'i Andry Rajoelina (2011-2014) sy Hery Rajaonarimampianina (2017-2018) ho minisitry ny Serasera io no namoaka vaovao tsy marina ary mahakasika olona manana maha izy azy.




Ny 13 aogositra 2014, fony i Rolly Mercia notendren'i Mamy Ravatomanga ho Tale jeneralin'ny gazetin'ny vondrona Sodiat dia nanoratra lahatsoratra izy nilaza fa nitsaoka nandositra an'i Madagascar i Eric Wong, Chargé d'Affaires amerikana. Nataony tao akaikin'ny sarin'i Marc Ravalomanana ny sarin'ity Eric Wong ity, ary nolazainy teo amin'ny pejy voalohan'ny gazety *« La Vérité »* fa jiolahy raindahiny izy roalahy ( *« criminels notoires »)*

.





Tsy naka sarotra mihitsy i Eric Wong, namaly an’i Rolly Mercia niaraka tamin’ny sarin’ilay gazety fa nilaza tamin’ny alalan’ny twitter fa : *« tsy marina* (ilay gazety) *ny marina. Ary aza manahy fa mbola misy herinandro vitsy vitsy no hijanonako Chargé d’Affaires fa mba amarino kely ny zava-misy aza fady »*
. Toa tsy nisy ny fiala-tsiny avy any amin’i Rolly Mercia…




**Tsy mpanao gazety tsotra i Rolly Mercia tao amin'ny Sodiat fa napetrak'i Mamy Ravatomanga ho Tale Jeneraly mihitsy. Saingy efa zatra ny tombontsoa azo fony izy minisitra**

Inona moa no tiana ambara amin’izany fomba hita fa tena mamohehitra manimba ny asa fanovan-gazety eto Madagasikara ity ? Izay olona rehetra novadian’ity Rolly Mercia ity dia amoronany tantara mitohy daholo ary ny tena mahatsiravina dia ity : io Rolly Mercia izay tena niady tamin’i Marc Ravalomanana -niaraka tamin’i Fidèle Razara Piera- tamin’ny 2009 indray no *« miaro »* an’io hoe Dada io ! Efa teo akaikin’i Andry Rajoelina anie i Rolly io fony i Andry Iany Ben’ny tanànan’Antananarivo e !

Fantany tsara mihitsy ny tena toe-tsain'ny namorona ny orinasa Injet. Fa izao : io namorony tantara mitohy niala tamina gasy petaka iray (« *Un citoyen* ») monina any Andafy nandefa tany amina tribonaly any Frantsa hoe toa misy an'izao sy izao momban'i andry Rajoelina. Dia iny no nalaina i Rolly Mercia am-bolony (kapoaka tokoa io) ka niafara tamin'ny fitsanganan'ny masoivohon'i Lafrantsa. Aza manantena fialatsiny koa aloha.



# MAPAR : Changement du Bureau politique

Redaction Midi Madagasikara

De sources bien informées, le parti « Miaraka Amin'i Prezida Andry Rajoelina » (MAPAR) vient d'apporter un chan niveau de son Bureau politique national. Les documents se rapportant à cette modification auraient été dépos auprès du Ministère de l'Intérieur. Aussi, la députée d'Ambatofinandrahana, Christine Razanamahasoa, a été no Coordonnateur général et non moins vice-présidente pour le compte de la Province de Fianarantsoa. L'ancien n l'Intérieur, Florent Rakotoarisoa, a été désigné vice-président du MAPAR à Toliara, la députée Jocelyne Raheliha Province d'Antsiranana, Elysée Ratsiraka pour Toamasina, Augustin Andriamananoro pour Antananarivo, et l'an ministre de la Communication, Harry Laurent Rahajason (Rolly Mercia), pour la Province de Mahajanga. Pour sa Houlder a été confirmé au poste de Porte-parole. En ce qui concerne l'ancien président de la Transition, Andry R partisans du MAPAR lui ont confié le poste de Président national. Au cours de la conférence de presse qui s'est t au Carlton, Christine Razanamahasoa a laissé entendre qu'une procédure de déchéance contre les députés MA trahi leur couleur politique pour servir les intérêts du HVM, est envisagée en ce moment.

**Davis R**


**Ingahy Rolly Mercia io anie efa Mpitondra tenin'ny vondrona Mapar ihany koa fa nofirany e!**

Manoloana izany rehetra izany dia tsy manampy velively an'i Mbola Rajaonah tena *« patron »* izany fomba ratsy nafindran'i Rolly ao amin'ny *« groupe RLM »* iray manontolo. Satria, mitodika any aminy na tiana na tsia ny mason'izao tontolo izao. Hasahy ilaza ve izy fa tsy misy idirany izay soratan'ny mpanao gazety ao aminy ? Sarotra ny hino izany. Fa raha iverenana kely ity Rolly Mercia ity dia *« mahavariana »* ny làlana nodiaviny satria nivadihany daholo ireo nanasoa azy : Andry Rajoelina nanendry azy ministry ny Serasera (2001) ; Hery Rajaonarimampianina nenjehiny toa inona nefa nanendry azy ministry ny Serasera ihany koa (2017) vao nitodiany lamosina avy eo tamin'ny propagandin'ny fiodinana voalohany.

Izao dia mirona hanao izay hahalany an'i Marc Ravalomanana satria, efa nanao fampihavanana, hono, izy sy i Dada. Dia efa fanta-tsika izany hoe iza indray no hovadiany atsy ho atsy. Ny tànana zatra mivonkona tsy afaka mitsotra intsony. Amin'izao fasahirana manjo an'i Mbola Rajaonah izao dia tokony mailo ihany izy amin'ity Rolly Mercia ity, ary mampanontany tena mihitsy hoe : iza marina no mibaiko an'iza amin'izy mianaka ireo ? Sa, sanatria, voan'inona ilay kely io ?

Fa ny ahy aloha dia tsotra : tsy tiako mihitsy ny fanimbana ny asa fanaovan-gazety ataon'i Rolly Mercia mpanjakan'ny mpanao gazety mpandainga. Ka ho an'ireo mpanoratra tanora miaraka aminy ao amin'ny *« Groupe RLM Communication »* dia izao no lazaiko : efa tamin'izy tao amin'ny gazety *« Madagascar Tribune »* izy no nanao io fomba mamoehatra io nazahoany vola… Aza taitra fa afaka porofoina izany, satria tsy ny vavolombelona no tsy misy.



Politique

EXTRAIT

## Liste des personnes sanctionnées

vendredi 19 mars 2010

Ci-après la liste des personnes sanctionnées par l'Union Africaine. Résolution complète du Conseil de Paix et de Sécurité en pièce jointe à la suite de cette liste.

6- Mme Lantosoa Razafimahaleo, Conseiller spécial
7- Mme Hantanirina Ramakavelo, Conseiller spécial
8- M. Harry Rolly Mercia Rahajason, Conseiller spécial
9- Lt. Col. Fidimalala Rafaliarison Rafaliarison, Aide de camp
10- Colonel Claude Razafimahatratra, Directeur de la Sécurité Présidentielle
12- Noelson William, Ministre de la Fonction Publique, du travail et des Lois sociales
13- Athanase Tongavelo, Ministre de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique
14- Irène Victoire Andréas, Ministre du tourisme et de l'artisanat
15- Colonel Claude Ravelomanana, Secrétaire d'Etat chargé de la Gendarmerie
16- Hery Rajaonarimampianina, Ministre des finances et du budget
17- Christine Razanamahasoa, , Ministre de la justice
18- Remy Sylvain Organès Rakotomihantarizaka, Ministre de la sécurité intérieure
19- Julien Razafimanazato, Ministre de l'Education Nationale